

TORITENY - ALAHADY PENTEKÔTY - TAONA D



Ny Fanahy Masina no hampianatra anareo ny zavatra rehetra.

Ry kristianina havana, azo lazaina ary amin'izao fankalazana ny Pentekôty, dimampolo andro aorian'ny Paka izao fa famaranana ny dia ka hafaliana aorianan'ny Paka izao pentekôty izao, fahaterahana hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fivelomana ny finoana. Dimampolo andro azo lazaina fa hanambarantsika ny hafalian'ny Paka izany hoe ny Paka fandalovana, nandalo tamin'ny ratsy ka miditra amin'ny tsara, nandalo tamin'ny

fahafatesana ka miditra amin'ny fiainana. Raha niaina atsika 40 andro tamin'ny karemy izay mialoha ny Paka ka nanantsika fotoana nibanjinana ny hazo fijaliana, raha ny tokony ho izy dia nanokana fotoana bebe kokoa ny fiainana ny hafaliana koa amin'ilay 50 andro aorian'ny Paka, izay ny maha Pentekôty ny

Vakiteny I : *Asa 2, 11*

Salamo : *Sal. 103*

Vakiteny II : *Rôm 6, 6-17*

Evanjely : *Jo. 14, 15-16. 23b-26*

Pentekôty, làlan'ny hafaliana ary tsy hoe mijanona amin'ny Pentekôty isika fa eo indrindra

no teraka ny Eglizy. Niara-nivavaka tao amin'ny senakla ireo Apôstôly niaraka tamin'i Masina Maria dia feno ny Fanahy masina izy ireo, nahazo ilay fanahin'i Jesoa, ilay fanahy mpankahery. Fantatr'ireo Apôstôly fa tsy ho tantin'izao tontolo izao ny fanambarana ataony, izao tontolo izao moa dia ny fahendren'ny demony, tsy ho tantin'ny demony ny fanambarana ny hafalian'ny Paka izany hoe ny fandresena ny ratsy. Ny tadiavin'ny demony dia isika mirefarefa ka nitsangana i Kristy handresy an'izany, raha miara-maty amin'i Kristy isika amin'ny fahotantsika dia miara-belona aminy koa ary izay ny hafalian'ny Paka. Izay misy an'i Kristy no misy antsika ka tsy hirefarefa intsony ny fiainantsika.

Ny fiainana mirefarefa dia ny fiainana ao anatin'ny fitaka, lainga, avonavona, ireo no mitarika ny hery setra, ny hetraketraka, ny vonoan'olona etsy sy aroa, ny fanapotohana na ny zava-boaahary aza. Ny fandresen'i Jesoa dia tsy hoe fandresena hanapotohana, marina fa handresy izy ary resiny izao rehetra izao fa tsy fanjakazakana ny fandreseny fa ho entina hanompoana ary izay ny herin'ny Fanahy masina ary tsy ho azon'izao tontolo izao mihitsy izany herin'i Jesoa mpanjaka handresy ny ratsy. Amin'ny alalan'ny tsara no entina handresena ny ratsy, amin'ny alalan'ny fanompoana tsy hoe fanambaniana sanatria fa manompo mba hanomezana ny soa ny hafa. Izay no tsy misy eo amin'izao tontolo izao ka andrasany, izay ny dikan'ny hoe FO ho an'izao tontolo izao , Fo manompo, Famindram-po, vokatry ny asan'ny Fanahy masina izay . Io ny Pentekôty maniraka atsika ary feno fahazavana isika ao amin'ny Fanahy masina, Fanahy mpanazava araka ny vavaka nataon'i Jesoa ho antsika, "mbola maro hoy izy ny zavatra tsy azonareo fa ho avy ny Fanahy masina hanazava azy aminareo". Satria araka ny lazaintsika teo raha ny fahendren'izao tontolo izao tsy hahazo an'izay misy antsika ka mila ny Fanahy masina isika Fanahy manazava, izy no manoro làlana atsika, manambara ny tena marina. Mangetaheta fahamarinana izao andro iainantsika izao. Indrisy fa ny lainga sy ny fitapitapitaka no manjaka ka mila an'izay fahamarinana izay isika no mila ny Fanahy masina mpanazava izay mampiombona sy mampihavana.

Imbetsaka isika manontany hoe : ahoana no hahafantarana fa miasa ny Fanahy masina ?

Ny Fanahy masina dia mampiombona fa ny Fanahy ratsy kosa mampisaraka. Fantaro izany fa raha misaratsaraka isika na eo anivon'ny Eglizy kely na eo anivon'ny Eglizy fiombonana na Eglizy iraka, na Eglizy fototra, na eo anivon'ny diosezy, dia asan'ny demony izany hoe tsy mihevitra ny hafa fa mitady hanao ny hafa ho fitaovana mandrakariva, tsy manompo ianao fa mampiasa ny hafa ho fitaovana hazahoanao ny soa ho anao fotsiny fa tsy ho an'ny hafa. Raha ny Fanahy masina no miasa aminao dia fantaro fa Fanahy mampiombona mampihavana izany hoe mikatsaka ny tsara mandrakariva. Efa voalazako matetika ny hoe : "Aza manaratsy fa miezaka manatsara" izay ny mpampihavana, izay ny pentekôty sy ny Fanahy masina niasa tao amin'ireo Apôstôly. Hitantsika tamin'ny vakiteny voalohany (*Asa 2, 11*) samy feno ny Fanahy masina izy ireo ka niteny, tsy hoe nisy fahaizana teny

maro samy hafa na dikan-teny eo no ho eo araka ny mahazatra antsika amin'izao fotoana izao ny "traduction simultanée", tsy izay no niasa. Niteny tamin'ny fitenin'ny i Piera fa noho ny asan'ny Fanahy masina dia nisokatra ny Fo amam-panahin'ireo nihaino dia nahalala amin'ny "culture" misy azy izany hoe ny teny araka ny maha-izy azy no nazahoan'olona ny



hafatr'i Piera ka izay no asan'ny Fanahy Masina ry Kristianina havana. Izay no handrandrintsika sy tian'ny Papa mba ho tanteraka amin'izao taona masina Famindram-po izao. Raha mijery ny logo ny Famindrampon'Adriamanitra isika, hafatra matetika averina amintsika ny hoe : "Aoka mba hanana ny mason'Andriamanitra isika satria raha ny mason'Andriamanitra no hijerevantsika dia miova ny zava-drehetra, raha ny Fon'Andriamanitra no mitepo ao amintsika ao dia ho iray tokoa isika". Izay no niseho tao Jerosalema, tsy hoe nisy fandikan-teny teo no eo fa maso iray, vava iray, sofina iray, teny iray noho ny asan'ny Fanahy masina na dia samy nanana ny masonry, ny fony, ny vavany izy ireo ka lasa tokana ny fomba fijeriny, fiheviny izay

no niasa tamin'izy ireo. Izay ihany koa no ambaran'ny vakiteny faharoa (*Rôm 6, 6-17*) ahitantsika fa na maro samy hafa aza isika hoy Md Paoly, noho ny asan'ny Fanahy masina dia miombona ho iray, dia vatana iray. Izay no asan'ny Fanahy masina dia ny mampiombona fa ny asan'ny demony dia mampisarasaraka ary araka ny voalaza amin'ny Evanjely (*Jo. 14, 15-16. 23b-26*) izay maniraka atsika hiombona. Tsy hoe fiombonana mikombona na mitsotokotoko ny asan'ny Fanahy masina fa maniraka atsika ho eo anivon'izao tontolo izao na dia tsy anisan'izao tontolo izao aza isika mba hanambara ny vaovao mahafaly ny Paka fa Andriamanitra tia antsika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, faly tokoa izahay mankalaza ny Pentekôty, dimampolo andro taorian'ny Paka. Ho tarihin'ny Fanahinao masina izahay ka ho olo araiky aminao tokoa. Ny fanahinao no hanentana anay ao anatinay ka na mbola eto anivon'izao tontolo izao aza izahay dia miaina an'izay asan'ny Fanahy masina izay, ilay Fanahy mpankahery, mpanazava, mampiombona anay. Ampio ary izahay rehetra ho mpanambara anao satria tsy Fanahy fanandevozana no noraisinay, tsy hoe mampatahotra fa Fanahy mahatonga anay ho tena zanak'Andriamanitra hahafahanay miantso fa ny Rainao tokoa no Babanay, hahafahanay manatanteraka ny sitrapon'ny Ray tahaka anao ka ny Fanahy masina tokoa anie hampianatra anay ny zava-drehetra ka ho vavolombelonao tokoa izahay eo anivon'ny fiainanay andavanandro, hahay hampitraotra ny finoana sy ny fianana andavanandro. Amen